Marina tokoa fa i Allah dia mitia ny fanatanterana ireo fanamaivanana izay nomeny, toy ny fitiavany fanatanterahana ireo didiny napetrany

Tatitra azo avy amin'i Ibn Abbas (R.A), Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : " Marina tokoa fa i Allah dia mitia ny fanatanterana ireo fanamaivanana izay nomeny, toy ny fitiavany fanatanterahana ireo didiny napetrany ".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Ibn Hibbàn]

Mampafantatra i Mpaminany (S.A.W) fa hoe : Tompo Allah dia makatia ny fanatanterahana ireo fanamaivanana rehetra ara-pinoana izay nomeny, tahaka ny fanamaivanana amin'ireo lalàna sy fanompoana, ary ny fanamorana amin'ireo mpanompo noho ny fialan-tsiny -tahaka ny fanenana ny isan'ny raka't amin'ny Soalat sy ny fanambarana izany rehefa am-pandehanana (Voyage).. Tahaka ny fitiavany ny fanatanterahana ireo fanapaha-keviny, amin'ireo didy rehetra izay tsy maintsy atao; satria ny fanamaivanana sy ny didy izay nibaikon'i Tompo Allah dia iray ihany.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65017